# An-tsary misongadina Ny Valosoa Vaovao

Helisoa

**Mpanolotsainan'ny kaominina Antananarivo Renivohitra 5 hafa, avy amin'ny antoko TIM ihany koa, natao fanadihadiana teny amin'ny sampan-draharahan'ny cybercriminalite Anosy omaly.**









VAROTRA SY TOEKARENA

## Miala any ny La Grande Braderie

Eo amin'ny sehatra ara-toekarena sy varotra, maro ireo izay miezaka hatrany manakaiky ny besinimaro. Ao anatin' izany dia nampahafantarindry zareo avy amin' ny " Madavision ", fa hiverina tsy ho ela ny hetsika " La Grande Braderie de Madagascar ", izay hotontonsaina ny 26 - 27 - 28 - 29 Mey 2022 ao amin'ny " Kianjan'ny Barea " etsy Mahamasina. " Nandritra ny 23 taona nisiany izay dia isan' ny hetsika ara-toekarena sy ara-barotra mamaly ny filan'ny tokantrano malagasy ity karakarainay ity. Hisy fihenam-bidy 15% ho hampihàrin' ny " participants ", na mpandray anjara amin'ireo entana rehetra izay hamidy amin'ireo andro hisian'ny hetsika ireo ", hoy i Harilala Ramantsoa anisan'ny mpikarakara.

Dia hahafinaritra tokoa ny fetin' ny Reny ho avy miaraka amin'ny "Madavision " sy ny " La Grande de Braderie de Madagascar".

***Aly***




*Harilala Ramanantsoa, tompon'andraikitra voalohany amin'ny Mada-Vision, sy ny La Grande Braderie de Madagascar.*

Fampanantenan-dRajoelina tao ho ato

## Tsy ho vita ato anatin'ny herintaona hoy Tody Arnaud

Naneho hevitra mahakasika ny raharaham-pirenena ny depiote teo aloha Tody Arnaud, taorian'ny dia sy tatitra nataon'ny filohan'ny Repoblika, Andry Rajoelina tany Etazonia, nihaona tamin'ny filohan'ny Banky Iraisam-pirenena, ny Tale jeneralin'ny Tahirimbola iraisam-pirenena, narahina fanaovan-tsonia fifarahana famatsiam-bola.

Nandritra ny tatitra nataon'ny filoha, dia nanambara ny hanamboarana ho tara ny lalam-pirenena faha-10 , nampanantena ny hampakatra ny karaman'ny mpiasam-panjakana, nampioma-na ny amin' ny ho fiaka- ran'ny vidintsolika…

Maro ny fanehoan-kevitry ny mpanao politika sy ny olom-pirenena nanoloana izany, anisany i Tody Arnaud.

« Mba hahafahany indray maka ny fonao sy handreseny lahatra anao mpifidy amin'ny fifidianana dia hatombony hokitihina avokoa ireo asa nampantenainy, ka tsy vitany nandritra ny mandat-ny, izay azo antoka fa tsy ho vita anatin'ny herintaona izany asa izany, fa natao fotsiny mba hambaboana anao", hoy ity farany.

Minoa ahy ianareo, hoy hatrany ity mpisolovava sady solombavambahoaka teo aloha tao Soanierana Ivongo faritra Analanjirofo ity, fa "ho maro koa ny vatofehizoro apetraka ato ho ato, ary hiakatra kely ny vidin'ny lavanila, jirofo... handresen-dahatra ny tantsaha sy ny mpandraharaha, koa samia mandinika lalina isika". Mbola ho maro indray ny kobakaam-bava hataon-dRajoelina ato ho ato arak'izany.

***Isambilo***



*Ny mpisolovava sady depiote teo aloha, Tody Arnaud.*